FITRANDRAHANA VOLAMENA AN-TSOKOSOKO 4

## TERATANY VAHINY 10 NOSAMBORINA TAO AMIN'NY RENIRANON'I KAMORO

MARINA IZANY ! 7

## ...FA NY ATAO NO HITA !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7736 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 04 desambra 2023


TSIFANJARIANTSAKAFO ATSIMO ATSINANANA 8

## FARITRA MAMOKATRA SAINGY MAREFO NOHO NY LOZA VOAJANAHARY

MIANTSOARIVO ARIVONIMAMO 4

## OLONA 9 MATY NILA-TSAHAN'NY VARATRA

SAMMY (TARIKA SAMMY) 3



## MAMPAHAFANTATRA NY KOLONTSAINA MALAGASY MANERAN-TANY

HOSOKA TAMIN'NY FIFIDIANANA 7

## MITAKY FANADIHADIANA LALINA NY FANJAKANA AMERIKANINA

ANDRY RAJOELINA - TAORIAN'NY TENY AMBOHIDAHY 7



## NIHAZO AN'I DUBAI HANATRIKA NY COP 28


RUGBY - AMBOARAN'I MADAGASIKARA 2

## NARODAN'NY TAM SY NY USCAR NY 3FB SY NY TFA

HAFATRA FFKM 7

## MIANTSO NY REHETRA HIARO NY MARINA



Kitra - "Grand Tournoi d'Antananarivo"

# Resin'ny Fc Rouge tamin'ny isa 3 no ho 0 ny Ajesaia

*Lavon'ny Us Pro, tamin'ny isa 2 no ho 1 koa ny Cosfa.*

Nanomboka ny faran'ny herinandro teo, tetsy amin'ny kianjan'Ambohidratrimo, ny andro voalohany amin'ny fifaninanana "Grand Tournoi d'Antananarivo", taranja baolina kitra. Anisan'ny vokatra nanaitra nandritra izany ny fandresen'ny Fc Rouge tamin'ny isa 3 no ho 0 ny Ajesaia. Teo amin'ny minitra faha-29 no nahatafiditra ny baolina voalohany ny FCR, tamin'ny alalan'i Pinto. Tsy nijanona tamin'io fa mbola nampian'i Bolo ho 2 izany ary dia io ia 2 no ho 0 io ihany koa no nentin'ny ekipa roatonta niala sasatra. Niezaka nanindry sy nanao izay fomba hampidirambaolina ny ekipan'Antanikatsaka teo amin'ny fizarampotoana faharoa saingy mbola ry zareo Fc Rouge indray no nahatafiditra baolina fahatelo taty amin'ny minisitra faha-88, tamin'ny alalan'i Angelico ary dia io isa 3 no ho 0 io ihany koa no nisarahan'ny fihaonana. Teo amin'ny vokatra hafa, lavon'ny Cffa, tamin'ny isa 2 no ho 0 ny Toulon As. Nanohitra ihany ireto farany ary efa taty amin'ny minitra faha-42 vao nahita hirika hanakobanana ny tsatobian'ny mpifanandrina taminy ny ekipan'Andoharanofotsy, tamin'ny alalan'i Orlando. Nanomboka nahazo aina sy hery taorian'io ny Cffa, ka teo amin'ny minitra faha-59, nahatafiditra baolina faharoa i Faneva ary dia io isa 2 no ho 0 io no niarahana. Nivoaka ho mpandresy, tamin'ny isa 2 no ho 1 koa ny Disciples Fc raha nifanandrina tamin'ny Sainte Anne avy etsy Bongatsara. Efa nitarika, tamin'ny isa 2 no ho 0 ny DFC, tamin'ny baolina tafiditr'i Tsila(41' – 54'), vao nitoko ny Sainte Anne, tamin'ny alalan'i Gauche(65'). Tsy ampy hahazoany fandresena na ady sahala anefa izany, ka dia io resy tamin'ny isa 2 no ho 1 io izy ireo. Teo amin'ny voka-dalao farany, niondrika tamin'ny isa 1 no ho 2 nanoloana ny Us Pro ny Cosfa. Niady ary tena nifandanja ny fihaonana ka ry zareo Us Pro no nanatombo tamin'ny isa taty amin'ny fiafaran'ny lalao. Hitohy amin'ity herinandro ity moa ny dingan'ny fifanintsanana. Tsiahivina fa ireo ekipa roa tafavoaka voalohany isaky ny vondrona no miakatra amin'ny dingana manaraka.

**Rabenaivo**

Rugby - Amboaran'i Madagasikara

# Narodan'ny Tam sy ny Uscar ny 3fb sy ny Tfa



**Tsy nahovoka ny Miaramila teto ry zareo Ankasina. (Sary : Nary Ravonjy)**


Tontosa omaly tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka ireo lalao ampahefa-dalana, tafiditra amin'ny fiadiana ny amboaran'i Madagasikara, taranja Rugby. Teo amin'ny lalao voalohany, tamin'ny isa tery 28 no ho 26 no nanilihan'ny Uscar an-dry zareo Tfa. Niady ny lalao ary samy nampiseho ny maha klioba sangany azy avy ny roatonta, saingy ny ekipan'ny kaominina no nitsikian'ny vintana, ka izy ireo no nahazo ny tapakila hiatrehana ny lalao manasadalana. Taorian'io, nomontsanin'ny Ftm, tamin'ny isa mavesatra 52 no ho 16 ny Usa. Miteny ho azy ny vokatra, nanjakan'ny ekipan'i Manjakaray tanteraka ny fihaonana. Ankilany, tsy nisy azon'ny ekipan'ny Maitsokely natao, ka na niezaka nanohitra aza izy ireo dia tsy voasakana ary nampiseho ny maha ekipa goavana azy i Manjakaray. Anisan'ny lalao nampitsanga-mitoetra koa ny fihaonana teo amin'ny Tam sy ny 3fb. Ireto farany no nitarika tamin'ny isa 10 no ho 6 teo am-pialan-tsasatra. Nitsimbadika izany taty amin'ny fizaram-potoana faharoa, fa ry zareo Anosibe indray no nanatombo tamin'ny isa. Tsy nanaiky lembenana anefa ry Rija sy ny namany ka efa nitarika tamin'ny isa 24 no ho 26 izy ireo saingy teo amin'ny fiafaran'ny lalao mihitsy no nahatsara baolina i Valvano ho an'ny Tam, izay tafidiny soa aman-tsara ka nahatonga ny Tam hivoaka mpandresy, tamin'ny isa 26 no ho 24. Somary nampitaraina kely ireo mpijery sy mpanohana ny ekipan'ny Minisiteran'ny Fahasalamana ihany ny fanapahan-kevitry ny mpitsara lalao, saingy izy no tompon'ny kiririoka ka neken'ny rehetra ihany izany. Teo amin'ny fihaonana farany, lavon'ny Cosfa, tamin'ny isa 46 no ho 15 ny Tfma. Teo amin'ny fizarampotoana voalohany ihany no nanohitra ny flèches, fa nanjakan'ny Miaramila tanteraka ny fizaram-potoana faharoa.

**Rabenaivo**

Kick-boxing - "Combat de Défi"

# Hifampihantsy any Manakara ireo kalaza





**Anisan'ny ady andrasan'ny maro ny an'i Joel sy Tojo.**

Hotanterahina amin'ny 23 desambra izao ilay "combat de déf", eo amin'ny taranja kick-boxing. Ny klioba Alpha kick-boxing no mikarakara azy ity, hetsika tafiditra anatin'ny fankalazana ny faha-30 taona niorenany. Amin'ny maha ady fifampihantsiana azy, dia andrasana ny fifandonana eo amin'ireo sangany amin'ity taranja ity. Tsiahivina fa namolavola sy namoaka mpikatroka sangany maro ny klioba, raha tsy hitanisa afa-tsy ry Anigaels Gastros, izay tale teknika nasionaly amin'izao fotoana izao. Tao koa ry Randrianjafy Joël Sy Vladis Duco. Hatreto dia misy ireo ady efa voalahatra, ka anisan'izany ny adin'i Mamy (RKC ) avy eto Antananarivo sy Parfait avy any Matsiatra ambony, eo amin'ny latsaky ny 51 kilao. Ny "disciplines K1 Rules" no hifanandrinan'izy ireo, izay "3Rounds x3mn". Ho an'ny "Disciplines Low kick" indray, izay "5 round x 2mn" dia andrasana ny adin'i Star Mostepha RH (Farafangana) sy Tahora avy any Atsimo andrefana. Ho an'izay "disciplines Low kick" izay hatrany, andarasan'ny maro ny adin-dRadrianjafy Joël (Manakara) sy Tojo avy ao amin'ny 3 FB. Fihaonana tena miady izany satria dia atleta samy mafy izy ireo. Ho an'ny latsaky ny 51 kilao koa, « Low kick », hifanandrina i Jean de Dieu dit Vaza avy ao amin'ny COSFA sy Fidèle avy any Matsiatra ambony. I Bolt avy any Matsiatra ambony ihany koa dia hiady amin'i Jerry avy any Atsinanana.

**Rabenaivo**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 416 - 12 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Dibera amin'ny sozaha

Ireo zavatra ilaina : lafarinina sozaha 1 kaopy, rano 2 kaopy, menaka 1 kaopy, sira. Fomba fikarakarana azy : endandasina kely amin'ny lapoaly tsy misy menaka ny lafarinina sozaha. Tampohina rano dia andrahoina 5 minitra eo ho eo. Asiana sira dia zaraina roa, ary avela hangatsiaka tanteraka. Atao anaty « mixer » ny antsasany sy ny menaka ½ kaopy. Afangaro tsara mandra-pahazo dibera fotsifotsy matevina. Dia atao toraka izany koa ny antsasany ambiny.

PRÉSIDENTIELLE 2023
SORTIR DE L'IMPASSE

PROFIL DU PRÉSIDENT
• Profil du dirigeant et projet de société pour Madagascar
• « Élire un président : porter son choix sur une vision à long terme du devenir d'un pays »
• Les principaux résultats de l'étude

SORTIR DE L'IMPASSE
• La négociation pour sortir de l'impasse
• La conflictologie : une nécessité pour Madagascar
• Tafa 2023 : un espace d'échanges citoyens avec les candidats
• Différend électoral : une conjoncture en conjecture
• Un coup de force constitutionnel et institutionnel en prélude à la présidentielle ?
• Modèles d'affaires durables et vertueux : l'influence de la politique
• Environnement : la lutte contre le changement climatique a-t-elle sa place dans la présidentielle?

+ INTERVIEWS ET CHRONIQUES




Écoutez les podcasts de Politikà sur les plateformes d'écoute ou sur vos stations radio préférées : RDJ, Alliance 92 Fm et RDB

DISPONIBLE AUPRÈS DE CES POINTS DE VENTE
Espace Loisirs, Antaninarenina | Jumbo Score Digue | Jumbo Score Ankorondrano | Jumbo Score Tanjombato
Leader Price Ankadimbahoaka | Leader Price Ankorondrano | Leader Price Andranomena | Leader Price Ambatobe |
Leader Price Tamatave | Leader Price Anosizato | Leader Price Nosy Be | Lecture et Loisirs, Tana Water Front
Librairie Fakra, Tamatave | Librairie Fandrosoana, Tuléar | Librairie Tsipika, Ambohijatovo
Librairie Masindahy Paoly, Analakely | Maison Leong Hoi, Diégo | Mille Feuilles, Behoririka

ET ÉGALEMENT DISPONIBLE AUPRÈS DU BUREAU DE LA FRIEDRICH-EBERT-STIFTUNG
Contact 034 05 344 24 | dominique@fes.mg Site web : www.politika.mg | Friedrich-Ebert-Stiftung Villa Martrat, Ankadifotsy Antananarivo 101, Madagascar

FRIEDRICH EBERT STIFTUNG
GCL 692/2-2

Sammy (Tarika Sammy)

# Mampahafantatra ny kolontsaina malagasy maneran-tany

Mitety ny vazantany efatra. Mampahafantatra, mampianatra, mampita fahalalana amin'ireo mpianatra manerantany momba ny soatoavina, ny kolontsaina, ary indrindra ny mozika malagasy i Sammy (filohan'ny tarika Sammy). Tao anatin' ny roa taona izao no nivezivezy nitety tany izy, fa talohan'izay, noho ny covid, dia tamin'ny alalan'ny fahitalavitra no nentiny nampita izany. Amerika, Japon, Indonesie, Malaysie, izany hoe ny faritra tatsinanana iny no nitondrany ny fampianarany sy ny fampahafantarany an'i Madagasikara. Ny herinandro lasa teo dia, nambarany fa ho any Dubai indray izy, hampianatra, hampahafantatra ny kolontsaina, soatoavina ary indrindra ny zavamaneno sy ny mozika malagasy. Amin'ny ankapobeny dia tany Amerika no tena niasany, raha ny fanazavany, ary fanjakana maro ao Etazonia no voalaza fa efa noteteziny niasana. « *Rehefa mihaino ny tantaran'i Madagasikara sy ny kolontsaina hampitaiko aminy izy ireo dia tena miaiky fa tany manakarena sy mananjina i Madagasikara"*, hoy i Sammy. Fa ahoana moa no nahatonga an'i Sammy hanao izany asa izany ?

**Nikaroka taona maro**

Araka ny fanazavana nomeny, tsy nitsahatra nikaroka ny fototra, ny kolontsaina ary indrindra ny mozika sy zavamaneno malagasy izy hatramin'izay. Izy rahateo mpanamboatra zavamaneno malagasy. Nisy vahiny nahita ny fikarohana nataony. Nahaliana ireo olona ireo izany ka teraka teo ny fiaraha-miasa. « *Maro ny mpikaroka sy mpandalina milaza mahay sy mahafantatra an'i Madagasikara sy ny fototra maha malagasy. Tsy tia miseho aho, fa raha ny fikarohana nataoko sy ny ezaka nataoko nentiko nanaja ny fady sy ny fomba malagasy rehetra dia misy zavatra henoko ary hitako ny tena tantara marina. Rehefa sokirina ny fototra, manaja ny ara-panahy dia miseho ny marina. Tsy adala na nitenitenу foana ny Ntaolo tanatin'ireny ohabolana sy fitenenana ary fady maro isan-karazany tokony hohajaina ireny. Tsy moramora fa misy sedra marobe lalovana* », hoy izy. « *Tokony hahita sy hahatsapa izany avokoa ny Malagasy rehetra, saingy nosimbain'ny mpanjanatany ny toe-tsaina sy ny fanahy maha malagasy ka very ny soatoavina* », hoy ihany izy.

**Gasy natanjaka ara-panahy**

Araka ny fanazavany hatrany, ny vazimba no tompon'ny tany teto Madagasikara. Rehefa tonga ny vahiny nandalo teto dia lasa nisy fifangaroana, ka efa safiotra ny Malagasy ankehitriny. Na izany aza dia mbola voatazona ny faka maha malagasy (ilay vazimba). « *Mitovy amin'ny olona rehetra ihany ny vazimba, misy fohy, misy lava, fa tsy hoe fohy izany* », hoy izy. Nambarany fa matanjaka ara-panahy ny Malagasy fa nosimbain'ny mpanjakana izany. "*Tsy nianatra ny Ntaolo fa nahay nihavana tamin'Andriamanitra sy ny zavaboaary manodidina azy. Maro be ny zavamiafina eto fa tsy mipoitra ireo raha tsy manaja ny hasin'ny tanintsika isika Malagasy. Tsy azo anaovan-dratsy ity tanintsika ity, tsy azo anaovan-dratsy ny Malagasy fa manan-kasina, ka raha tsy mivaly amin'izay nanao ratsy ny ratsy nataony, mivaly amin'ny taranany* », hoy ihany izy. Santionany amin'ny resaka nataon'i Sammy ireo, fa hotohizintsika eny ihany amin'ny manaraka.

**Fy**

"Madacourt Film Festival" (Rfc)

# "Rough World"-n'i Sitraka Randriamihaly ihany no nahazo loka

Tapitra ny zoma teo ny andiany faha-18 amin'ny Madacourt Film Festival (Rfc), ary efa manome toky ny mpikarakara fa amin'ny volana jolay amin'ny 2024 ny fitohizan'ny hetsika. Tamin'ity andiny faha-18 ity dia tao amin'ny CEG sy ny morontsirak'i Antsanitia, any Mahajanga, no nanaovana ny famaranana tamin'ny fomba ofisialy ny asabotsy teo. Nandritra izany no nampahafantarana ireo nahazo ny Omby Volamena (Zébu d'Or) tamin'ny fifaninana isan-karazany. Tsy nandrombaka izany aloha isika saingy ilay horon-tsarimiaina (Animation) "Rough World" notontosain'i Sitraka Randriamihaly kosa no nahazo fankasitrahana manokana avy amin'ny mpitsara, raha ny sanganasan'i Dylan Mc Garry sy March Moy "Indlela okuphila" no nahazo ny "Omby Volamena". Teo amin'ny sokajy "Fiction panafricaine" dia "Bazigaga"



**Tao amin'ny CEG sy ny morontsirak'i Antsanitia, any Mahajanga, no nanaovana ny famaranana tamin'ny fomba ofisialy ny RFC ny asabotsy teo.**

notontosain'i Jo ingabire Moys no nahazo ny "Zebu d'Or". Teo amin'ny horontsarimihetsika fanadihadiana kosa dia ilay "Section 16" notontosain'i Emelie gambade sy Malibongwe Tyilo no nahazo ny Omby Volamena. Hetsika maro no nentina nanamarika nanomboka ny 29 novambra ka hatramin'ny asabotsy 2 desambra. Nisy ny fandefasana ireo horonantsary, fanentanana sy lalao samihafa nandraisan'ny tanora tany an-toerana anjara, ka nisy ny fanomezana nozaraina. Ankoatra izay dia nisy ny fitsangantsanganana nokarakarain'ny Kolosary. Nandritra ny famaranana ihany koa no nandefasana ireo rakitsarin'ny "Ti'kino".

**Amin'ny 16 desambra ny "Prix du Public"**

Tiana ny manamarika fa amin'ny 16 desambra no ho fantatra izay hibata ny amboara Omby Volamena eo amin'ny mpanatontosa sarimihetsika fohy malagasy. Valo no hifaninana amin'izany ary efa nisokatra ho an'ny mpankafy tamin' ny 24 novambra ny fifidianana ary hifarana ny 14 desambra izao. Anisan'ny voafidy hiatrika izany i "Délivrance" notontosain'i Heryfield Mathilda BEZARA (MFF1), "Maka ny fanahy" an'i Saranto Andrianavony (MFF2), "Les Histoires Dans Mes Yeux" an'i Rotsy Koloina Andriamanantsoa (MFF3) "Lasa" notontosain'i Franco Clerc Damy (MFF4), "Rough world"ni e Sitraka Randriamahaly (MFF5), "Never too late" an'i Nataniela Randrianomearisoa (MFF6), "Mazav'alina" nosoratan'i Feno Mahery Ramaholison (MFF7) ary "Wanna Go Back" notontosain'i Vololomihanta Edmée(MFF8).

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny tena mahatalanjona dia ny fahafahako miatrika ny loza rehetra manjo ahy, ny fahaizako mitsiky manoloana izany, ny fahavononako hanohy sy handroso hatrany, na inona na inona dona mety hahavoa. Io hatrany aho mijoro, satria izay no masaka ao an-doha. »

**Ny Vetso (13.05.16)**

(«La force, c'est de pouvoir regarder la douleur en face, lui sourire et continuer malgré ses coups, de se tenir debout.»)

Autisme Madagascar

# Miantso fitsinjovana manokana ireo olona manana fahasembanana

Nifarana ny tetikasa Equal natokana hijerena ny fiahiana ara-tsosialin'ireo olona manana fahasembanana. Taorian'ny fanadihadiana nataon'izy ireo dia voalaza fa ny 69,1% amin'ny olona manana fahasembanana no tsy nisitraka karazam-panampiana, toy ny tosika fameno na vatsy tsinjo. Ny 1,8 % ihany no nahafantatra ny fisian'ny fizarana azy ireny. Tsy nisy famatsiam-bola manokana ihany koa azon'izy ireo avy tamin'ny fitondram-panjakana nandritra ireny valanaretina covid 19 ireny. Miantso fitsinjovana sy fandraisana fanapahan-kevitra eo anoloan'izany ny Autisme Madagascar. Tao amin'ny faritra Atsimo Andrefana, Toliara, manokana ohatra, raha nisy fianakaviana 5 nanontaniana dia ny iray tamin'izy ireo ihany no nisitraka fanampiana nandritra ireny valanaretina ireny. Mba hanamafisana ny adisisika ho an'ny olona manana fahasembanana, nisy fanisana azy ireo nataon'ny Autisme Madagascar tao Toliara ka nahitana fa 77 ireo manana fahasembanana ara-tsaina ary 319 ireo manana fahasembanana ara-batana sy fandrenesana. Hitohy ny fiarahamiasa amin'ireo fikambanana miahy olona manana fahasembanana ka hisy komity hajoro mba hiady ho azy ireo sy ho fampiatiana ny zony, hoy Bodoharifara Ralandison, mpandrindra ny tetikasa Equual.

**Nath**

Elie Ramanankavana

# Nahazo maripankasitrahana tamin'ny fifaninanana "No'o cultures"

Isan-taona dia taranja ara-javakanto no asongadina amin'ny fifaninanana "No'oculture". Taorian'ny sinema, tamin'ny 2020, ny mozika tamin'ny 2021, ary ny literatiora tamin'ny 2022, dia ny pikasary no nisongadina tamin'ity taona ity. Tamin'ity andiany faha-4 ity dia ny tambajotra Pan Afrikanina misahana taranja maro amin'ny mpitsikera zavakanto no niara- nitan-tsoroka tamin'ny fikarakarana ny fifaninanana ary niara-niasa ny tambajotra pan-Afrikanina sy "Critiques Africaines", ny Goethe-Institut Johannesburg, "Les Ateliers Sahm "ary ny sehatra Obatala. Maro ny firenena nandray anjara ka anisan'ny nandray anjara tamin'izany Elie Ramanankavana, mpanao gazety ao amin'ny 2424 mg. "I de Jodi Bieber, ou comment photographier demain" no tsikera nentiny tamin'izany ary nahazoany loka sy maripankasitrahana. Nanamarika ny mpitsara fa ilay lahatsoratra dia nampiseho fa takitry ny mpaka sary ny tanjony eo amin'ny asany nitondra fijery somary mamakafaka sy mitsikera ny asa ary afaka nandrafitra tsara ny fanadihadiana izy. Nampiasa voambolana maro sy isankarazany izy entiny nanamarika ny heviny. Marihina fa ankoatra ny maha mpanao gazety an'i Elie Ramanakavana dia mpanao tsikera, poeta ary mpanoratra izy, ary lasa tompon'ny galerie ao amin'ny Isart Galerie ankehitriny.

**Tiaray R**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### VIDANGE

* Sce vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 686/18-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 698/6-3)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 698/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 698/6-3)

### MIVIDY

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 688/20-17)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plombier, réparation,

### MITADY ASA

* Equipe Maçon mahay. Mitady asa : manangana sy manao finit° rhtr (carreaux…). Tél : 034.23.909.68. (G-BA 694/10-10)

### COURS

* Cours d' Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 696/5-4)

Fitrandrahana volamena an-tsokosoko

# Teratany vahiny 10 nosamborina tao amin'ny reniranon'i Kamoro

Mirongatra ny fitrandrahana volamena an-tsokosoko ao amin'ny reniranon'i Kamoro. Mpitrandraka teratany vahiny miisa 10 no tratehaka tao amin'ny kaominina Marokoro, distrikan'i Maevatanana, nandritra ny fidinana ifotony nataon'ny delagasionin'ny minisiteran'ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika niaraka tamin'ny fitaleavana iraisam-paritry ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika ao Mahajanga, ary ny biraon'ny fitantanandraharahan'ny harena ankibon'ny tany ao Maevatanana, tamin'ny zoma faran' ny herinandro lasa teo.

**Tsy vao voalohany**

Niainga tamin'ny fitarainana voarain'ny minisitera foibe no nahafahana nanatratra ireto mpitrandraka tsy aradalana ireto. Voamarina nandritra ny fidinana natao tany an-toerana ny fampiasana fitaovana arifomba tsy nahazoana alalana. Tsy vao voalohany no naharaisana fitarainana sy nandraisana andraikitra amin'ny fitrandrahana an-tsokosoko ao amin'ity kaominina ity, toy ny tao Tsiandrarafa sy Antsira ary Madisovato, ka efa nisamborana sy nampidirana am-ponja olona maro. Mirefy eo amin'ny 10Km eo ny halavan'ny toerana misy ny fitrandrahana an-tsokosoko ao amin'ny reniranon'i Kamoro.

**R. Muray**

Soanierana Ivongo

# Bolongam-bato kristaly milanja 3 taonina hita ao anaty faritra arovana

Kristaly milanja 3 taonina no hita tao amin'ny fokontany Antananambo, kaominina Antenina, distrikan'i Soanierana Ivongo. Voalaza fa nisy nikasa hangalatra tao amin'ny toerana nisy azy io vatobe io. Tsy aiza izany fa ao amin'ny faritra arovana, na "ZUD du parc Ambatovaky". Efa ny 19 novambra ny zandary no nidina nizaha ny tranga mikasika io raharaha io ary nanokatra fanadihadiana. Nisy ny fitsirihana natao teny ifotony natrehin'ny sefo fokontany sy ny fokonolona. Tamin'io fotoana io no nahitana fa efa nisy namaritra ilay vato sarobidy, saingy voalaza fa mbola tsy nihetsika tamin'ny toerany. *"Mbola anatin'ny fanadihadiana, izahay izao"*, hoy ny lehiben'ny zanatobim-paritry zandary ao Ambodiampana, rehefa nanontaniana an'ity raharaha ity. Raha ny angom-baovao farany anefa dia



Ity ilay vato kristaly 3 taonina hita tao amin'ny fokontany Antananambo, kaominina Antenina, distrikan'i Soanierana Ivongo.

voalaza fa nisy vato kristaly hafa sarona ihany koa tao amin'ny tokantrano iray tao amin'ny fokontany Antsirabe kaominina ambanivohitra Antenina, distrikan'i Soanierana-Ivongo. Miisa 56 ilay vato ary milanja 103,9 kg. Izany hoe nandritra ny fisavana tranon'ny olona iray io dia voalaza fa tsy tratra tao izy fa ny entana no nogiazana. Io olona io dia nambara fa nangalatra ireto vato ireto.

**Nogiazana**

*"Teo imason'ny manampahefana any ifotony sy ny tomponandraikitra no nametrahana ireo vato ireo ao amin'ny biraon'ny zandary ao Soanierana-Ivongo mandra-pahavitan'ny famotorana sy ny fotoana hakana azy. Ilay tompon'ny trano nosavaina kosa dia tsy hita ary efa karohina amin'izao fotoana izao"*, araka ny loharanom-baovao hatrany. Hatreto dia mbola tsy fantatra na vato nalaina tao Antananambo ihany ireto nisy nangalatra ireto na tsia. Tsy nazahoana fanazavana mahafapo rahateo ny mpitandro filaminana. Tafiditra amin'izay ihany koa dia kamiao lehibe iray no sarona nitondra "béryllium" sahabo ho 5 taonina eo ho eo tany amin'ny faritra Amoron'i Mania. Rehefa natao ny fisavana ilay fiarabe dia fantatra fa vato halatra ireto nentiny tao, avy any Antsaby, kaominina Tanamary Sakay, distrikan' Ikalamavony. Tsy nahitana taratasy momba ny vato ihany koa afa-tsy karatra fisikaly. Nogiazana ao amin' ny tobim-paritry zandarimaria Fenoarivo ireo vato ireo sy ilay fiara Mercedes nitondra azy. Notazomina hatao famotorana ihany koa ny mpamily an'ilay fiara.

**Deyland**

Maevatanana

# Lavon'ny balan'ny zandary ireo dimy lahy mpanafika taksibrosy

Dahalo 5 no lavon'ny balan' ny zandary tao Ankoveta fokontany Andranomangatsika kaominina Marokoro distrikan'i Maevatanana, omaly. Izy ireto dia mpanao fanafihana taksibrosy mampitohy an'i Maevatanana sy Marikoro. Sivy lahy no nosamborina mialohan'io izay niaiky avokoa fa anisany nandray anjara amin' ny asa ratsy. Nasaina nanoro ny toerana misy ny entana voaroba sy ny basy nampiasaina rehefa manao fanafihana ireto dahalo ireto saingy teny an-dalana no nanararaotra nandositra ka lavon'ny bala ireo 5 lahy. Na izany aza sarona ny basy vita gasy miisa 2, ary mbola misy basy lava 2 hafa ihany koa karohina, araka ny loharanom-baovao. Izy ireto no nandroba taksibrosy iray mampitohy an'i Maevatanana sy Marokoro ny 21 novambra 2023 lasa teo teo amin'ny toerana atao hoe Ankoveta. Saika maty mihitsy ny mpamilin'io fiara io satria voakapa famaky ny lohany ary voadaroka avokoa ireo mpandeha tao. Vola mitentina 3 000 000 ariary sy volamena ary finday lafo vidy no voaroba tamin'izany. Rehefa nataon'ny zandary ny fikarohana dia izao nahitambokany izao .

**Deyland**

Miantsoarivo Arivonimamo

# Olona sivy maty nilatsahan' ny varatra, telo naratra





Nahitan-doza ny oram-be tamin'ny zoma teo tao amin' ny fokontany Tsarasaotra, kaominina ambanivohitra Miantsoarivo, distrika Arivonimamo. Olona 5 mianaka be izao no niaraka namoy ny ainy nilatsaham-potaka, izany hoe nilatsahan'ny varatra. Ny tolakandro tokony ho tamin'ny 4 ora ny loza. Nisy orambe tamin'iny faritra iny ary teo am-panetsana tanimbary no namono azy ireo ny varatra. Maty tsy tsa-drano izy 5 mianaka ireo. Nisy zaza 9 taona sy 8 taona, mpiray tampo, sy renim-pianakaviana iray 55 taona, ary ramatoa iray hafa sy zaza vavy 11 taona. Efa samy nalain'ny fianakaviany avokoa moa ireo razana. Ankoatra izay dia olona efatra hafa ihany koa no maty nilatsaham-baratra tao Ankofalava, distrikan'i Marontsetra, tamin'ny zoma lasa teo. Tokony ho tamin'ny 5 ora hariva ny tranga. Nisy orana narahin-kotro-baratra tao amin'io toerana io. Ilay trano nipetrahan'izy ireo izay voalaza fa misy ny milina fitotoam-bary no nilatsahambaratra. Olona maro handeha hitoto vary no teo amin'io toerana io ary nisy mpiasan'ny toeram-pitotoam-bary. Vokatr'izany dia olona 4 no maty teo no ho eo ka ny 3 tamin'izy ireo no mpitoto vary ary ny iray mpiasan'ilay fitotoam-bary (décortiqueuse). Nisy olona 3 hafa ihany koa no naratra. Izany hoe raha natotaly izany dia 9 ny olona namoy ny ainy vokatr'izany loza tao Arivonimamo sy Maroantsetra.

**Deyland**

Ankadimbahoaka

# Zandary iray namoy ny ainy niharan-doza tamin'ny môtô

Banga iray ny fianakaviam-ben'ny zandarimariam-pirenena. Tsy tana vokatry ny lozam-pifamoivoizana nahazo azy tetsy Ankadimbahoaka ny zandary « GPHC » Andrianarivelo Rija Alberto, miasa ao amin'ny kaompania Antananarivo Ville. Niharan-doza tamin'ny môtô teto amin'ny « RN 7 PK 5 + 500 » izy, ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora alina. Raha ny fanazavana dia avy any Tanjombato hihazo any Mahamasina ity mpitandro filaminana ity. Tafavaoaka ny lalana tokony nalehany ilay kodiaran-droa nentiny. Avy eo nandona takelaka fametrahana dokam-barotra, na « panneau publicitaire », teo amoron'ny arabe, ilany ankavanan'ny lalana nizorany. Natao ihany ny fialana nenina ho azy saingy teny amin'ny hopitaly HJRA no tsy tana ny ain'ny « GPHC » Andrianarivelo Rija Alberto. Araka ny angom-baovao dia « *môtô marque cygnus* » ilay nentiny tamin'io fotoana io. Potika tanteraka noho ny dona nahazo azy io môtô io ary voa mafy vokatr'izany ilay zandary ka izao tsy tana izao ny ainy. Ireo zandary avy ao amin'ny brigady Andoharanofotsy no nanao ny fizahana ny loza teny an-toerana. Taorian'izay dia natolotra ny fianakaviany ny vatana mangatsiaka. Hisy ny fijerena ireo « *caméra de surveillance* » eny amin'ny manodidina mba hamantarana ny zava-nisy marina, araka ny tatitra avy amin'ny zandarimariam-pirenena.

**Deyland**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Efa niova**




## Hatsikana an-tsary

**Boribory**




## Masoandro Miposaka

**Asa 4 : 12**

12 Ary ny anaran'i Barnabasy nataony hoe Jopitera*, ary Paoly kosa Merkory**, satria izy no mpitarika ny teny nalahatra.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Hiady, ka hifamahan-tantely ?**

Vous allez vous battre, et vous vous donnez du miel à manger l'un à l'autre ?

*Quelle perfidie.*

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3114**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 3 | 2 | | | | 1 | 5 | 9 |
| | | 7 | | 3 | | 4 | | |
| | | 5 | | 9 | | 8 | | |
| | | | 7 | | 3 | | | |
| 6 | 8 | | | | | | 3 | 1 |
| | | | 8 | | 4 | | | |
| | | 3 | | 4 | | 5 | | |
| | | 6 | | 8 | | 9 | | |
| 9 | 1 | 8 | | | | 3 | 4 | 6 |

Valin'ny laharana **3114**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 9 | 2 | 6 | 1 | 8 | 4 | 3 | 5 |
| 6 | 8 | 5 | 3 | 7 | 4 | 2 | 9 | 1 |
| 4 | 3 | 1 | 5 | 2 | 9 | 7 | 6 | 8 |
| 8 | 1 | 6 | 2 | 4 | 5 | 9 | 7 | 3 |
| 2 | 5 | 7 | 9 | 8 | 3 | 1 | 4 | 6 |
| 9 | 4 | 3 | 1 | 6 | 7 | 8 | 5 | 2 |
| 1 | 6 | 9 | 7 | 5 | 2 | 3 | 8 | 4 |
| 3 | 2 | 4 | 8 | 9 | 6 | 5 | 1 | 7 |
| 5 | 7 | 8 | 4 | 3 | 1 | 6 | 2 | 9 |

Hosoka tamin'ny fifidianana

# Mitaky fanadihadihana lalina ny fanjakana amerikana

Tsy nijanona tamin'ny fanamafisana ny fahavononany hiara-kiasa amin'ny Filoha voafidy Andry Rajoelina ho fampandrosoana ny firenena sy ho fampanajana ny zo fototra ho an'ny tsirairay ihany ny mpitondra tenin'ny departemantam-panjakana amerikana, Atoa Matthew Miller, raha namoaka fanambarana taorian'ny namoahan'ny HCC ny voka-pifidianana ofisialy teo, fa nitaky fanadihadiana lalina manoloana ireo voalaza fa hosoka nandritra ny latsa-bato ihany koa. Notsipihany tao anatin' izany fa maro ireo mpiantsehatra, na olom-pirenena na mpanaramaso ny fifidianana avy eto an-toerana sy iraisam-pirenena, nahatsikaritra tsy fahatomombanana samihafa nandritra ny zotram-pifidianana ary maro ireo sosokevitra fanatsarana ny zotram-pifidianana naroso taorian'ireo fifidianana natao ny 2018 sy 2019 no mbola tsy tanteraka ka niteraka ahiahy sy tokony harenina.

**Fanavaozan-drafitra**

"*Miantso ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny fifidianana izahay hamaha ireo olana ireo ary miantso ny governemanta malagasy hanadihady amin'ny antsipiriany ireo tsy fahatomombanana sy ireo voalaza fa hosoka ka hiroso amin'ireo fanavaozan-drafitra samihafa navohitran'ireo mpanaramaso ny fifidianana malagasy sy iraisam-pirenena, ary hijery akaiky ireo filàna sy fanirian'ny olom-pirenena ao Madagasikara* », hoy io mpitondra tenin'ny departemantam-panjakana amerikana io tamin'izany. Ankoatra izany, mangataka an'i Madagasikara mba haneho fahavononana hanaja ny zotra demokratika, ny lalàmpanorenana sy ny tany tandalàna i Etazonia ary miantso ny governemanta malagasy hampitombo ny fahatokisan' ny vahoaka ireo rafi-panjakana ao aminy sy hiantoka ny fahamarinan'ireo fifidianana ho avy.

**Mamy R.**

Hafatra FFKM

# Mitaona ny rehetra tsy hatahotra hiaro ny marina

Manentana ny rehetra mba hitondra am-bavaka ny firenena ary hijoro ho fanasina sy fahazavan'izao tontolo izao ka hiady amin'ny fahalovana eo anivon'ny ankohonana sy ny fiaraha-monina ary ny firenena ny FFKM. Io no hafatra omen'ireo Filoham-piangonana efatra mirahalahy taorian'ny Komity Foibe-45 notanterahina tany amin'ny EEM Katedraly Santa Marka Fosarato Fianarantsoa farany teo sy amin'izao ankatoky ny Fetin' ny Noely izao. Ambonin' izany, mampahery ny kristianina amin'izay mety ho fahasarotana atrehina amin' izao fotoana sy tsy hatahotra hiaro ny marina ihany koa ireo Raiamandreny arapanahy ireo. "Izao indrindra no ijoroana amin'ny Batemy na Batisa noraisintsika. Aoka tsy hatahotra hiaro ny marina. Ny marina no mahafaka anareo (Johany 8,32) », hoy hatrany ny FFKM tamin'izany.

**Fampihavanana**

Mikasika izay hafatry ny Filoham-piangonana efatra mirahalahy izay hatrany, saingy eo amin'ny fiainampirenena indray, dia nanambara ireo Filoham-piangonana efatra mirahalahy fa mitohy ny asa amin'ny fampianarana sy ny fampiharana ny tenin'Andriamanitra miorina amin'ny lohahevitra hoe "ny fiangonana manorina sy mamboly" sy ny tenin'ny tompo manao hoe "sambatra ny mpampihavana fa izy no atao hoe Zanak'Andriamanitra". Ezahina ho fampianarana iombonana no iainana ao anatin'izany ary atao mipaka amin'ny rafitra rehetra, ny sampana rehetra ary ny faritra rehetra.

**Tsy fitovian-kevitra**

Manampy izany, hiantso ny zanany rehetra izay manampahaizana manokana mikasika ny lalàna ny FFKM hiaraka hidinika hanazava mahakasika ireo lalàna mampisy tsy fitovian-kevitra ary hamaritra paikady mazava ho amin'ny fanabeazana ny olom-pirenena izay ampiharina eo anivon'ny FFKM. Ao anatin'izany rehetra izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa tsy nanisy resaka fifidianana filoham-pirenena notanterahina farany teo mihitsy ny FFKM tao anatin' ity hafatra navoakany ity.

**Mamy R.**




**FAMOAHANA AN-GAZETY**

Ho fanatanterahana ny matoan'ny didin'ny Filoha laharana faha-342 tamin'ny 28 novambra 2023, ary koa ny andininy faha 232 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paika ady madio, ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany Ambatolampy dia manome alalana an'Andriamatoa RAKOTONDRANAIVO Jean Chrystophe, soloin'i RANDRIANANDRAINY Jean Jacques tena, monina ao Antsenakely, Fokontany Ambohimandroso "B", Kaominina Ambohimandroso, Distrika Antanifotsy, handefa an-gazety ny didim-pitsarana laharana faha-443 tamin'ny 12 septambra 2023 izay ifanolanany amin'i ANDRIANALIZAH Victor sy RAVAOHARISOA Hélène, samy monina ao Antsahavola Antananarivo, izay toy izao manaraka izao ny votoatiny:

NOHO IREO ANTONY IREO;

Mitsara ampahibemaso, nifanatrehana tamin'ny roa tonta, mikasika raharaha ady madio ary mbola azo hanaovana fampakarana Fitsarana Ambony;

Vitaina ny didy sava-ravina laharana 426 tamin'ny 2 Juin 2022;

Ambara fa azo raisina ny fangatahana fototra sy fanampiny;

Didiana ny fandroahana an' I RANDRIAMANJATO Fetrasoa Gilbert amin'ny tany antsoina hoe "TSELATRA" titra N° 4963-DK ao Ambohimandroso, Fokontany Ambohimandroso A, kaominina ao ihany , distrika Antanifotsy , izay manana habe manontolo 06A-92Ca ;

Didiana ny hamerenana amin'ny laoniny ny baorina ao amin'ny tany voalaza etsy ambony ka ny mpahay mpandrefy tany hanatanteraka izany dia safidin'i RAKOTONDRANAIVO Jean Christophe;

Lavina ny fangatahana ambiny;

Efain'ny toriana RANDRIAMANJATO Fetrasoa Gilbert ny lany rehetra amin'ny Fitsarana ;

Notsaraina araka izany ary navoaka ampahibemaso tamin'ny andro, volana ary taona voalaza ery ambony, ary niarahan'ny Filoha sy ny Mpiraki-draharaha nanao sonia ny matoan'ity didy ity.

Lazainay fa ity didy dia tsy azo ampiharina raha tsy tapitra ny telopolo (30) andro, ary izany dia isaina manomboka ny daty anaovana ny famoahana an-gazety voalaza etsy ambony;

MANARAKA IREO SONIA GCL693/1-1



**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


## Marina izany !

### ...fa ny atao no hita !

**Vita iny ny fifidianana filoham-pirenena. Efa nivoaka ihany koa ny vokatra ofisialy. Hitantana an'i Madagasikara mandritra ny dimy taona indray ny filoha teo aloha izay nirotsaka ho kandidà. Mihazakazaka ny raharaha eto amin'ny firenena, satria raha tamin'ny 16 novambra 2023 no natao ny latsa-bato, ny voalohan'ny volana desambra no namoaka ny vokatra ofisialy ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana. Fanambarana voalohany nataon'ny kandidà lany ny hiroso haingana amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara taorian' ny lanonana tetsy Ambohidahy. Tsy mahagaga izany, satria nentiny nandresy lahatra ireo mpifidy ny hoe "tsy maintsy mandroso i Madagasikara" nandritra ny fampielezankevitra. Tsy fotoan'ny fampielezankevitra intsony izao. Tsy fotoanan'ny fanomezan-toky ihany koa. Indrindra manoloana ny fahantrana lalina misy eto amin'ny firenena sy ny fahoriam-bahoaka eo amin'ny fiainana andavanandro. Ny toky mantsy fitaka fa ny atao no hita, hoy ny fahendren-drazana. Ny hita aloha izao, tsy eto an-toerana ny filoha vao lany fa manatrika ny fivoriana iraisam-pirenena any ivelany. Raha ny fihazakazaky ny raharaha eto amin'ny firenena amin'izao volana mamarana ny taona izany, hibaribary eo hoe ny atao no hita avy amin'ireo hery velona samihafa. Na izany ireo niarahaba sy nanamafy ny fahavo-nonany hiara-miasa amin'ny filoha vaovao vao lany na izany ireo milaza fa tsy misy aminy ny fifidianana natao tamin'ny 16 novambra lasa teo, na izany ireo nanangana vovonona ho amin'ny fifampidinihana. Maika mantsy ny fijerena akaiky ny sosialim-bahoaka hamerina ny fitoniana sy ny fiandrianan-tsaina eo amin'ny besinimaro. Ny toky anie fitaka fa ny atao no hita é !**

**Herivonjy RAJAONAH**

Andry Rajoelina -Taorian'ny teny Ambohidahy

# Nihazo an'i Dubai hanatrika ny COP 28

48 ora taorian'ny vokatra ofisialin'ny fifidianana filohampirenena navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenanana, tonga any Dubaï mandray anjara amin'ny Fivoriana momba ny fiarovana ny toetr'andro andiany faha-28 (COP 28) ny Filoha Andry Rajoelina. Ny tsikaritra dia tsy nijanona tamin'izay fijerena paikady hiatrehana ny fiovan'ny toetrandro izay ihany ny resaka nanditra ny fivoriana iraisam-pirenena fa nitohy tamin'ny fiarahabana sy firariantsoa an'io laharana voalohany eny Iavoloha io izany. Isan'ny nanao izany ny Filohan'ny Vondrona Afrikana sady filohan'i Comores Azali Assoumani, izay nilaza fa arahabaina i Madagasikara nahazo filoha vaovao sady nahatontosa fifidianana tao anatin'ny fitoniana. « *Atoa Filoha Filoha Andry Rajoelina, lesona tsara ho an'ny Afrikana manoloana ireo hetsika fanonganam-panjakana tsy mifanaraka amin'ny lalampanorenana miha mahazo vahana ao amin'ny kaontinanta misy ankehitriny ny fahombiazan'ny latsa-bato tany aminareo ary hampakatra ny lazan'i Afrika izany* », hoy io Filohampirenena atsy amin'ny Nosy rahavavintsika io tamin'izany.

**Tsy vita fianianana**

Tsy nanadino niarahaba ny Filoha Andry Rajoelina ihany koa ny filohan'i Seychelles Wavel Ramkalawan, izay sady nirary ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy firenena aty amin'ny Ranomasimbe Indiana mihitsy. Ankoatra ireo filoham-pirenena aty amin'ny kaontinanta Afrikana ireo dia niarahaba sy nirary soa ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara ihany koa ny Filoha Bresilianina. Ao anatin'izany rehetra izany, sokajian'ny mpanohitra ho tsy ara-dalàna izao fihetsiky ny Filoha Andry Rajoelina nitarika delegasiona any ivelany izao sahady kanefa mbola tsy vita akory ny lanonana ara-pitsarana hanaovany fianianana sy hametrahana azy ho filohampirenena amin'ny fomba ofisialy. Ity farany, izay raha tsy misy ny fiovana amin'ny ora farany dia kendrena hatao eny amin'ny kianjaben'i Mahamasina amin'ny 16 desambra ho avy izao.

**Mamy R.**

Tsifanjariantsakafo - Atsimo Atsinanana

# Faritra mahavokatra saingy marefo noho ny loza voajanahary

*Faritra manan-karena saingy anisan'ny manana ambony indrindra ny tahan'ny tsifanjariantsakafo mitarazoka ny ao Atsimo atsinanana. Antony maro no mahatonga izany fa anisan'ny goavana indrindra ny fiovaovan'ny toetrandro. Tsapa tokoa ny voka-dratsy aterany ho an'iny faritra iny. Isan-taona, tsy maintsy misy rivodoza mandalo mitarika tondra-drano foana any an-toerana. Amin'izao fotoana izao, tsy mbola tafarina tamin'ny rivodoza Batsirai sy Emnati ny mponina tamin'ny 2022, dia efa namely mafy sahady indray ny rivodoza Freddy ny taona 2023. Manodidina ny 115 000 ny isan'ny zaza mila fanohanana manokana amin'izao fotoana izao ary tafakatra hatrany amin'ny 874 000 ny olona tratran'ny tsifanjariantsakafo mahery vaika raha ny faritra Atsimo Atsinanana fotsiny no asian-teny.*

**« Ampio ny sekoly misitraka cantine scolaire »**

*« Taloha, manodidina ny 48,5% ny tahan'ny tsifanjariantsakafo mitarazoka teto amin'ny faritra Atsimo Atsinanana, ambony indrindra manerana ny Nosy ny taty aminay. Vao nandalo anefa ny rivodoza Batsirai sy Emnati dia tafakatra hatrany amin'ny 50 isanjato izany. Toerana voasokajy ho faritra mena ny any Midongy sy Befotaka raha io tsifanjariantsakafo io no asian-teny. Ekena fa misy ny tsifanjariantsakafo mahery vaika any Androy fa azo tsaboina amin'ny fizarana plumpy izany, fa ny eto Atsimo atsinanana kosa mila fanatsarana ny fototsakafo. Mampalahelo anefa izahay raha ny zavamisy, satria 185 amin'ireo EPP 960 eto amin'ny faritra ihany no misitraka « cantine scolaire ». Mangataka izahay mba hampiana ireo zaza misitraka sakafo antoandro ireo, satria iarahan'ny rehetra mahalala ny vokatsoa azo amin'izany cantine scolaire izany »*, hoy ny Dr Justin Mahafaky, governoran'ny faritra Atsimo Atsinanana.

Iray amin'ireo sekoly tsy misitraka « cantine scolaire » ny EPP ao Manambotra Atsimo ary anisan'ireo simba fotodrafitrasa taorian'ny vanim-potoanan'ny rivodoza farany teo. Araka ny fanazavan'i Havanasoa, talen-tsekoly, dia hoe : « *misy 300 ny isan'ny mpianatra ao ka 16 no miatrika fanadinana CEPE amin'ity taona ity. Amin'ireo EPP 7 mandrafitra ny ZAP, ny 2 manamorona ny arabe ihany no misitraka sakafo an-tsekoly. Miezaka anefa izahay manome vokatry ny tany, toy ny manga na letisia na ampalibe ireo ankizy rehefa amin'ny antoandro mba hampazoto azy ireo sy hisian'ny fifantohana bebe kokoa* ».

Mifanohitra amin'izay tanteraka anefa ny zavamisy ao amin'ny EPP Amporofolo, satria nanomboka tamin'ny 2020 no nisitraka « cantine scolaire » avy amin'ny PAM ireo mpianatra 383 beazina ao. Mihatsara hatrany ny vokapanadinana ary hita ho mifantoka sy mazoto ireo mpianatra, hoy ny Tale Randriamampionona Théophile. Mifandimby ireo ray aman-dreny mahandro sakafo ary afaka mamboly zaridaina an-tsekoly toy ny anana, tsaramaso ireo mpianatra satria efa misitraka rano ny sekoly.

**Faritra be vokatra saingy …**

Mitana ny laharana faharoa amin'ny famokarana jirofo ny faritra Atsimo Andrefana. Azo lazaina ho tsara vidy ny jirofo tamin'ity taona ity, satria manodidina ny 25 000Ar ny kilao raha ambany be izany taloha. Eo ihany koa ny letisia sy ny vanila, ary ireo karazan-kaninkotrana maro. Tsy mahaleo tena ara-tsakafo anefa ny faritra, satria ao anatin'ny 12 volana, ny 9 amin'izay ihany no ampy ny mponina ny vokabary fa manafatra amin'ny faritra hafa ny ambiny. Anisan'ny mitondra faisana amin'ny fiovaovan'ny toetrandro ny faritra atsimo atsinanana ary ny fambolena no voa mafy indrindra amin'izany. Misy renirano manodidina ny 10 manodidina eo ka rehefa mihoatra ireo dia tena feno rano be tokoa ny toerana sasany. Anisan'izany ny reniranon'i Manampatrana, Manambato, Masihanaka, Manimbolo izay mandifotra ny tanimbary sy ny tanim-bomanga ary akondro. Misy faritra miaina anaty hafanana be ihany koa ao Atsimo atsinanana ao ka mila rano sy rotsak'orana vao afaka mamboly. Misy ny vanimpotoana antsoina hoe sakave na maitso ahitra any an-toerana izay manomboka ny volana febroary hatramin'ny aprily, ka amin'izay no tena ambony be ny tahan'ny tsifanjariantsakafo. Taloha dia misy ihany ny ambim-bava, satria mahavokatra, saingy noho ny fiovaovan'ny toetrandro dia lasa mahery vaika loatra ny rivodoza izay mitondra orambe mandifotra ny tanimboly sy tanimbary rehetra. Mangataka amin'ny hanamboarana ny barazy manondraka hatrany amin'ny 30Ha ireo raim-pianakaviana ao Manambotra Atsimo. Simba tamin'ny rivodoza ilay izy ka lasa tsy afaka miasa angady intsony izy ireo.

Ankoatran'ny fambolena, afaka manjono ireo lehilahy ary mandrary ireo vehivavy hanampiana ny fidiram-bola. Raha ny jono manokana, an'arivony ireo lehilahy ao Manambotra Atsimo manao azy io rehefa milamina ny ranomasina. Orinasa iray ihany anefa no maka ny vokatra amin'ny vidiny mirary. Miainga ao an-trano amin'ny 3 ora maraina miaraka amin'ny lakana hazo sy famatarana ora ary harato ny vatandehilahy ary amin'ny 10 ora vao tafaverina. Ny vehivavy ihany koa miezaka amin'ny fandrariana, saingy tsy mahaleo ny sarany ny vidiny. Ao anatin'ny herinandro vao mahazo 10 000Ar ny vehivavy iray, mety ho latsaka aza izany saingy hita fa tena mazoto ireo vehivavy. Miandrandra fampitaovana sy fiofanana ireo olona ao Manambotra Atsimo mba hahafahan'izy ireo manatsara ny velon-tenany.



Mila tohana ara-pitaovana ireo mpanjono ao Manambotra Atsimo.

**Fiahiana ara-tsosialy**

Misy ny tetikasa vatsin'ankohonana iarahana miasa amin'ny FID. Araka ny fanazavan'i Lucienne Harifidy dia manome vatsy olona izy ireo. Tanjona ny fialana amin'ny faharefoana mba handroso amin'ny fiainana ny olona. Manao tantsoroka sy fanentanana amin'ny resaka fambolena, manome ny teknika rehetra mba hahazoana vokatra tsara kokoa, ary indrindra ny fiovam-pihetsika izay tena ilaina. Ao amin'ny kaominina Manambotra Atsimo dia misy 305 ireo mpisitraka, ka mahazo 50 000Ar, vola fototra omena isaky ny roa volana, ary miakatra 60 000Ar izany rehefa mampianatra zaza iray, ary tonga hatrany amin'ny 70 000Ar raha mihoatran'izay ny zaza mianatra. Hisorohana an'ireo karazan'aretina dia tena ilaina ny fiovam-pihetsika, ary anisan'ny andrasana amin'ireo mpisitraka tombontsoa amin'ity tetikasa vatsin'ankohonana ity ihany koa ny hitondrana ireo zaza any amin'ny mpitsabo rehefa marary, sy ny hisorohana ireo karazan'aretina. Miara-miasa amin'ny mpanentana ara-pahasalamana amin'ny fanentanana ny olona hampiasa toeram-pidiovana, fampianarana ny resaka sakafo maro loko sy miovaova, fampianarana manao zezika sy ny fambolena. Anisan'ny vahaolana hiadiana amin'ity tsifanjariantsakafo ity ihany koa ny fanaovana AGR, na « activité Génératrice de Revenue ».

**Asa manan-danjan'ireo mpanentana ara-pahasalamana**

Araka ny fanazavan'i Flavienne Rondroniaina dia anisan'ny aretina anatonan'ireo renim-pianakaviana tobim-pahasalamana ny tsifanjariantsakafo sy ny tazomoka. Miovaova arakaraka ny toetry ny andro io, satria rehefa betsaka ny vokatra dia mihena ny tsifanjariantsakafo, ary rehefa sakave dia mirongatra indray. Mandritra izany, tsy ampy lanja ilay zaza, mahia, mihitsana ny volony, mivonto ny tongony. Samy fambaran'ny tsifanjariantsakafo avokoa ireo. Mandray an-tanana ireo zaza tratran'ny tsifanjariantsakafo mitarazoka ny mpanentana ara-pahasalamana, na AC, izay mandanja sy mijery ny refin-tsandrin'ilay zaza. Mampianatra zavatra maro ihany koa, indrindra fa ny fampiasana ireo sakafo misy sy vokatra any an-toerana mba hahafahana miantoka ny fahasalaman'ny zaza iray.

Mitsidika any an-tokantrano na mandray ireo reny sy zaza ao amin'ny toby ireo mpanentana ara-pahasalamana ireo. Nambarany ihany koa fa miafina ny vehivavy mampiasa fandrindram-piterahana any Atsimo Atsinanana any, satria matahotra ny vadiny. Anisan'ny antony mahabetsaka ny zaza ateraky ny fianakaviana izany, satria tafakatra hatrany amin'ny 12 ny zaza velomina. Antony iray mahatonga ny tsifanjariantsakafo ihany koa anefa izany. Anisan'ny ambany ihany koa ny tahan'ny fanaovam-bakisiny any Atsimo Atsinanana, satria 64% monja izy ireo no vita vakisiny miaro amin'ny kitrotro tamin'ny 2021. Misy fiantraikany amin'ny fiainan'ny zaza izany aretina izany. Raha ny tokony ho izy dia misy mpanentana ara-pahasalamana iray miasa isaky ny fokontany, saingy tsy mbola tanteraka izany amin'ny toerana maro ary ny ankamaroan'izy ireo miasa an-tsitrapo ka rehefa misy tetikasa vao mandray tambin-karama kely.

**Ady marolafy**

Eo anoloan'ireo karazan'olana sedrain'ny vahoaka ireo, hanomboka tsy ho ela eto amintsika ny PNAMN, ilay drafitrasa hiantsoana ireo mpiantsehatra rehetra hiaraka hiasa hiadiana amin'ity tsifanjariantsakafo ity. Amin'ny maha marolafy azy, tena ilaina ny fifandraisan'ny sehatra rehetra, na fahasalamana io, na fanabeazana, fambolena sy fiompiana ary jono, fahazoana rano fisotro madio fidiovana sy fanadiovana, ary ny fiahiana ara-tsosialy izay mazava ho azy fa eo ambany fiahian'ny ONN. Anisan'ny manohana ity tetikasa marolafy hiadiana amin'ny tsifanjariantsakafo ity ny GIZ Prosar ka nofidian'izy ireo manokana ny faritra Atsimo Atsinanana hanombohana ny asa. Efa nisy ny fakan-kevitra maro natao teny anivon'ny fiaraha-monina ary amin'ny fiandohan'ny taona 2024 no hanomboka ny asa. Mazava ho azy fa ireo ankizy latsaky ny 5 taona sy renim-pianakaviana no tena hisitraka izany tetikasa izany. Tsy azo hodian-tsy hita ihany koa anefa ny vahaolana haingana eo anoloan'ny fiovaovan'ny toetrandro, indrindra ny rivodoza izay mihamahery vaika ka mahatonga ny faritra Atsimo Atsinanana ho marefo.

**Nath**



Dr Justin Mahafaky, governoran'ny faritra Atsimo Atsinanana.



Noho ny tsy fisiana, lasa zarain'ireo zaza ao an-trano ny plumpy izay fanafodin'ny zaza tratran'ny tsifanjariantsakafo.

